



SATA FOTOTRA



JOLAY 2020

---Antontan-taratasy APM---

Voafetra ny fampiasana azy

Ny fampiasana manontolo na amin'ny ampahany ity antontan-taratasy ity dia tsy maintsy mahazo fankatoavana avy amin'ny Antoko Politika Madio (APM).

FANOROAN-TAKILA

Sasinteny	3
LOHATENY I – FEPETRA ANKAPOBENY.....	5
LOHATENY II – MOMBA NY MPIKAMBANA.....	7
Toko 1 : Ny mpikambana	7
Toko 2 : Ny mpitolona.....	8
LOHATENY III – RAFITRA ANATIN’NY ANTOKO.....	9
Toko 1 : Rafitra nasionaly	9
Toko 2 : Ireo sampana APM.....	10
Toko 3 : Ny vondrona tanora APM.....	11
Toko 4 : Ny sampana ivelan’i Madagasikara.....	12
LOHATENY IV – FOMBA FIASA ANATINY.....	13
Toko 1 : Fomba fiasa ankapobeny.....	13
Toko 2 : Fizarana andraikitra	14
LOHATENY V – NY FIFIDIANANA IVELAN’NY ANTOKO.....	14
Toko 1 : Ny fanendrena ireo kandidà APM hiatrika fifidianana eto amin’ny firenena.....	14
Toko 2 : Tamberin’andraikitra	14
LOHATENY VI – LOHARANOM-BOLA SY FITANTANAM-BOLA.....	15
Toko 1 : Ny loharanom-bola	15
Toko 2 : Ny fitantanam-bola.....	15
LOHATENY VII – FANAVAOZANANY SATA FOTOTRASY NY FITSIPIKA ANATINY.....	17
LOHATENY VIII – FAHARAVAN’NY ANTOKO	18
LOHATENY IX – FEPETRA HAFA	18

Sasinteny

Ny Antoko Politika Madio (APM) dia vokatry ny fahatsapana fa maloto loatra ny fomba fanaovana politika eto Madagasikara. Ka mba entina hanovana ny rasa dia natsangana ny antoko.

Ny APM noho izany dia manohitra ny politika maloto amin'ny endriny rehetra, indrindra fa ny fitiavan-tseza diso tafahoatra sy ny fanabadoana ny Malagasy, izay anisan'ireo antony lehibe nampilatsaka ny firenena anaty kizo lalina hatramin'ny nahazoany fahaleovantena mandraka ankehitrio.

VINA :

“Madagasikara afaka amin’ny ZIOGA mangeja. Malagasy MITOVY, miadam-pinaritra”.

TARIGETRA :


“Firenena fa tsy sezà”.

Politikam-pitondrana izay mampifandrindra araka ny tokony ho izy ny lafin'ny toekarena, sosialy ary tontolo iainana, mifanaraka amin'ny kolontsaina sy filana isam-paritra, izany no entin'ny APM mba hiadam-pinaritra ny Malagasy ankehitrio ary mba hisy marina ny LOVA avela ho an'ny taranaka aman-jafy.

Ny APM dia resy lahatra amin'ny FANARENANA ifotony, izay tsy maitsy mandalo amin'ny fifohazan-tsaina faoben'ny olompirenena Malagasy sy fametrahana fifanekem-piarahamonina vaovao. Izany anefa dia “asa vadi-drano, tsy vita raha tsy ifanakonana”.

Saro-pady ho an'ny APM ny foto-kevitra sy soa toavina ijoroany ka efa iainany sahady ireo na dia mbola tsy mahazo fahefana aza. Azo tarafina amin'ny rafitra sy fomba fiasa anatin'ny antoko izany, mba tsy ho mpitari-bato vilam-bava sanatria.

Ity Sata fototra ity no lalam-panorenan'ny antoko izay ankatoavin'ny mpikambana rehetra manerana ny nosy, amin'ny alalan'ny kongresy nasionaly.



LOHATENY I – FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy 1 – FIFORONANA

- i. Natsangana ho an'ireo olona vonona hanaraka ity sata fototra ity ny antoko politika antsoina hoe « Antoko Politika Madio ». « APM » ny fanafohezana azy.
- ii. Tsy voafetra ny faharetany.

Andininy 2 – IVON-TOERANA

Ny ivon-toeran'ny Antoko dia ao amin'ny Lot II Y 24 Ouest Antanimora ANTANANARIVO 101, Madagasikara.

Andininy 3 – ANTONY

Ny antom-pisian'ny APM dia :

- Hitondra fomba fanao politika vaovao,
- Hitaiza ary hanentana ny olompirenena Malagasy mba handray anjara mavitrika amin'ny sehatra politika, ekonomika, sosialy ary koltoraly eto amin'ny firenena ; hahafahana mandray anjara amin'ny fananganana firenena vanona,
- Hametraka fiaraha-monina anjakan'ny fitoviana sy ny fifampintsijovana, ary manisy lanja ny isam-batan'olona; manaraka ny fotokevitra sosialy demokraty.

Andininy 4 – SARY FAMANTARANA SY NY LOKONY

- i. Ny sary famantarana ny antoko dia efajoro ahitana ny fanafohezana sy fanalavana ny anaran'ny antoko, ary ny teny filamatra.
- ii. Ny loko ampiasaina ao anatiny dia ny fotsy, ny mainty ary ny mavokely.



Andininy 5 – TENY FILAMATRA

Ny teny filamatry ny antoko dia : « **Firenena fa tsy seza** ». Mifototra amin'ny firenena, ny fiandrianam-pirenena sy ny fitiavan-tanindrazana ny fanaovana politika mialohan'ny seza na andraikitra politika. Ilaina ny fanapahana tadim-poitra amin'ny endrika fanjanahana rehetra.

Andininy 6 – SATA FOTOTRA SY FITSIPIKA ANATINY

Ny lamina sy ny fomba fiasan'ny APM dia voafaritr'ity sata fototra ity. Ny fitsipika anatiny no mamaritra ny pitsopitsony amin'ny fampiharana azy.

Andininy 7 – SOATOAVINA SY ETIKA

Ny APM dia miorina eo ambony soatoavina sy etika, ary ny mpikambana rehetra tsy an-kanavaka dia tsy maintsy mankatoa sy manao sonia fa hanaja izany. Iretoavy izany soatoavina izany :

- **fitiavan-tanindrazana,**
- **fahendrena,**
- **fanetren-tena,**
- **fahasahiana,**
- **fanarahan-dalàna,**
- **fahitsiana.**

Andininy 8 – TSY FIVADIHANA

Ny mpikambana rehetra dia :

- tsy mahazo miditra anaty antoko hafa ankoatry ny APM,
- tsy mahazo miditra anaty vondron'antoko raha tsy mahazo alalana avy amin'ny antoko,
- tsy mahazo manohana kandidà tsy avy amin'ny APM raha tsy efa nahazo fankatoavana avy amin'ny antoko.

LOHATENY II – MOMBA NY MPIKAMBANA

Toko 1 : Ny Mpikambana

Andininy 9 – FIDIRANA HO MPIKAMBANA

- i. Ny olom-pirenena malagasy rehetra, 18 taona no miakatra, namaky tsara ka manaiky ny sata fototra sy ny fitsipika anatiny, dia afaka mangataka ny hiditra ho mpikambana APM.
- ii. Ny fomba fidirana ho mpikambana dia faritan'ny fitsipika anatiny.

Andininy 10 – KARAZANA MPIKAMBANA

Misy karazany 2 ny mpikambana ato amin'ny antoko :

- Ny Mpikambana mitana andraikitra
 - Ny Mpikambana tsotra
- i. Ny Mpikambana mitana andraikitra
Ireo rehetra izay ao anaty rafitra mpanapa-kevitra ato amin'ny antoko. Na izy ireo voafidy, na voatendry, na nirotsaka an-tsitrano.
 - ii. Ny Mpikambana tsotra
Ny Mpikambana tsotra dia ireo rehetra nahafeno fepetra takian'ny andininy faha-3 ao amin'ny fitsipika anatiny ary tsy mitana andraikitra manokana ato anatin'ny antoko.

Andininy 11 – ADIDIN’NY MPIKAMBANA

- i. Mba hampandeha tsara ny antoko dia ireto avy no takiana amin'ny mpikambana tsirairay:
 - fanajana ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny antoko,
 - fandoavana ara-dalàna ny latsakemboka,
 - fandraisana anjara mavitrika amin'ny fiainan'ny antoko.
- ii. Mitandrina amin'ny zavatra rehetra ataony mba tsy hanohintohina na hifanipaka amin'ny foto-kevitra ijoroan'ny antoko.
- iii. Tsy tokony ho menatra eo amin'ny manodidina (fianakaviana, asa, sns...) amin'ny maha mpikambana ato anatin'ny antoko.

Andininy 12 – ZON’NY MPIKAMBANA

- i. Mahalala ara-potoana ny vaovao rehetra sy ny fandaharam-potoanan'ny antoko.
- ii. Mirotsaka ho fidiana amin'ny fifidianana ato anatin'ny antoko rehefa mahafeno ireo fepetra voalaza ao amin'ny fitsipika anatiny (andininy faha-3).

- iii. Manolo-kevitra ary mahazo tamberina momba ilay hevitra naroso.
- iv. Mahafantatra ny tantara sy ny lèlana nizoran'ny antoko ; ary koa ny tontolo politika amin'ny ankapobeny eto amin'ny firenena.
- v. Mampiasa ny fitaovana sy fananana eo am-pelatànan'ny antoko.
- vi. Misitraka ireo karazana fiofanana omen'ny antoko na ny avy any ivelany.

Andininy 13 – FAHAVEREZAN-JO MAHA-MPIKAMBANA

Very ny zo maha-mpikambana amin'ireto tranga manaraka ireto : fahafatesana, fanesorana, fialàna an-kitsipo.

Toko 2 : Ny mpitolona

Andininy 14 – Ny atao hoe mpitolona dia ireo rehetra vonon-kanampy an-tsitraro ka manolotra ny tenany, na fahaizana, na fitaovana, na vola, na fanomezana hafa ho fanatrarana ny tanjona apetraky ny antoko. Izy ireo dia tsy mpikambana anatin'ny antoko.

LOHATENY III – RAFITRA ANATIN’NY ANTOKO

Toko 1 : Rafitra nasionaly

Andininy 15 – Ny Kongresy nasionaly

Asany :

- i. Ny Kongresy nasionaly no rafitra ambony indrindra ato anatin’ny APM. Ny asany dia mamaritra ny tondrozotra politika izoran’ny antoko mandrapahatongan’ny kongresy manaraka.
- ii. Ny Kongresy no mifidy ireo mpikambana sasany ao amin’ny Birao mpanatanteraka foibe isaky ny dimy (05) taona.

Firafiny :

- i. Ny Kongresy nasionaly dia mampivondrona ireo mpikambana rehetra manerana an’i Madagasikara.

Ny fitsipika anatiny no mamaritra ny fikarakarana ny fifidianana mandritry ny kongresy nasionaly. Ny fepetra fahafahana mifidy dia voafaritra ao amin’ny Lohateny fahaefatra (IV) ato amin’ity sata fototra ity.

Andininy 16 – Ny Filan-kevitra nasionaly

Asany :

- i. Ny « Filan-kevitra nasionaly » dia sady rafitra fakan-kevitra no rafitra mpanara-maso ny asan’ny Birao foibe.
- ii. Mivory ara-potoana indray mandeha isaky ny enim-bolana ny Filan-kevitra. Afaka mampiantso fivoriana tsy ara-potoana anefa ny Birao foibe arakaraka ny toedrahara politika eto amin’ny firenena.
- iii. Afaka mitondra raharaha/hevitra eo anatrehan’ny Filan-kevitra nasionaly ny mpikambana rehetra.

Firafiny :

- iv. Ireto no mandrafitra ny Filan-kevitra nasionaly :
 - Ireo mpandrindra ny faritra : 22
 - Solontena avy amin’ny distrika : 11
 - Solontena avy amin’ny kaominina : 11
 - Birao mpanatanteraka foibe

Andininy 17 – Ny Birao mpanatanteraka foibe

Firafiny :

Ireto avy no mandrafitra ny Birao mpanatanteraka foibe :

- Filoha nasionaly : 1
- Sekretera jeneraly : 1
- Sekretera jeneraly lefitra : 2
- Filoha lefitra : 4
- Filohan'ny Vondrona tanora : 1
- Mpitam-bola nasionaly : 1
- Mpanamarim-bola : 1
- Mpanampy maharitra : 1

- i. Tsy fidiana ireto manaraka ireto : Sekretera jeneraly lefitra, mpanamarim-bola, mpanampy maharitra. Tendren'ny Birao foibe izy ireo na mirotsaka an-tsitrano. Ny ankoatr'ireo dia ny Kongresy nasionaly no mifidy azy.
- ii. Dimy (05) taona ny fe-potoam-piasan'ny Birao foibe. Tsy azo atao ny mirotsaka ho fidiana intelo miantoana amin'ny andraikitra iray.

Asany :

- i. Miantoka ny fampandehanan-drahahaha sy ny fivoaran'ny antoko.
- ii. Ny Birao foibe dia mivory indray mandeha isam-bolana.
- iii. Afaka maka mpanolo-tsaina teknisianina avy ato anatiny na any ivelany ny Birao foibe hanampy azy amin'ny fanatanterahany ny asany fa izy ireo kosa dia tsy mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra raisina.

Andininy 18 – Ireo mpikambana ao anaty Filan-kevitra nasionaly sy Birao foibe dia tokony miezaka ho modely mandrakariva eo amin'ny fomba fisaina, ny fiteny, ny fihetsika, ny fahaiza-manao, ary indrindra eo amin'ny fandavan-tena ho an'ny antoko satria izy ireo no fitaratra ho an'ny mpikambana tsotra.

Toko 2 : Ireo sampana APM

Andininy 19 – Misy karazany 4 ny sampana APM :

- ny Faritra APM,
- ny Distrika APM,
- ny Kaominina APM,
- ny Fokontany APM

Andininy 20 – Ny Faritra APM

- i. Ny Faritra APM dia fitambaran'ireo sampana eny anivon'ny distrika. Isaky ny faritra 22 no misy azy.
- ii. Mpandrindra ny faritra no iantsoana ny mpitantana ireo Faritra APM.

Andininy 21 – Ny distrika APM

- i. Ny Distrika APM dia fitambaran'ireo sampana eny anivon'ny kaominina. Isaky ny distrika 119 no misy azy.
- iii. Mpandrindra ny distrika no iantsoana ny mpitantana ireo Distrika APM.

Andininy 22 – Ny Kaominina APM

- i. Ny kaominina APM dia fitambaran'ireo sampana eny anivon'ny Fokontany. Isaky ny kaominina 1695 no misy azy.
- ii. Mpandrindra ny kaominina no iantsoana ny mpitantana ireo Kaominina APM.

Andininy 23 – Ny Fokontany APM

- i. Ny fokontany APM dia mampivondrona ireo mpikambana eo anivon'ny fokontany anankiray.
- ii. Isaky ny fokontany dia tokony ahitana chef d'antenne iray (01).

Andininy 24 – Biraô mpitantana

Ireto no mandrafitra ny Biraô mpitantana ireo sampana APM isan-tsokajiny :

- Mpandrindra voalohany : 1
- Mpandrindra lefitra : 2
- Mpitam-bola : 1
- Mpanamarim-bola : 1

Ny Fokontany APM kosa dia tsy misy rafitra mpitantana.

Toko 3 : Ny Vondrona tanora APM

Andininy 25 – Ny Vondrona tanora APM dia mamporisika ny tanora 18 hatramin'ny 25 taona ho liana amin'ny politika ary hirotsaka lalina eo amin'io sehatra io.

Manomana ny mpandimby ato amin'ny APM ity rafitra ity, ka mamolavola ny mpikambana ao aminy amin'ny alalan'ny fomba samihafa ho tonga mpanao politika madio eto amin'ny firenena.

Andininy 26 – Ny mitarika ny Vondrona tanora dia :

- Filoha nasionaly : 1
- Filoha lefitra nasionaly : 1

Fidiana mandritra ny kongresy nasionaly ny filoha nasionaly ary tendrena kosa ny lefiny.

Toko 4 : Ny sampana ivelan'i Madagasikara

Andininy 27 – Ny fandaminana mikasika ny sampana ivelan'i Madagasikara dia andraikitra feno ankinina amin'ny Filoha lefitra misahana ny lafiny iraisam-pirenena.

LOHATENY IV – FOMBA FIASA ANATINY

Toko 1 : Fomba fiasa ankapobeny

Andininy 28 – Fanapahana hevitra

Ny fanapahan-kevitra ato amin'ny APM dia tsy maintsy ialohavana adihewitra mandrakariva mba hihainoana ny hevity ny tsirairay. Aorian'izay dia miroso amin'ny fifidianana:

- Latsa-bato miafina raha mahakasika olona
- Ampahibemaso kosa rehefa tsy mahakasika olona

Andininy 29 – Fifidianana anatiny

- i. Misy ny komity atsangana mikarakara ny kongresy nasionaly.
- ii. Ireo mirotsaka ho kandidà amin'ny fihazonana andraikitra ato amin'ny antoko, indrindra fa ny ao amin'ny Birao foibe, dia tsara raha manana fahaiza-manao na/sy traikera amin'ny sehatra politika, na koa amin'ny fitarihana olona.

Andininy 30 – Fanehoana hevitra

- i. Ny mpikambana mitana andraikitra dia afaka manao fanehoan-kevitra politika amin'ny haino aman-jery sy an-gazety, fa tsy maintsy misy ny fifampiresahana alohan'izay.
- ii. Ny mpikambana tsotra kosa dia amporisihina ary afaka maneho hevitra eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny tambazotra sosialy, fa atao amim-pahamendrehana sy fahendrena mba tsy hanala baraka ny antoko.

Andininy 31 – Disadisa

Ny disadisa rehetra dia aravona amin'ny alalan'ny fifampiresahana, manaraka ny kolontaina isam-paritra ary ny soa toavina ifotoran'ny antoko.

Andininy 32 – Famaizana

Koa satria ny APM dia manome vahana ny fitaizana ny mpikambana, noho izany misy karazany ireo famaizana ampiharina arakaraka ny hadisoana atao'ny mpikambana : fampitandremana, fandoavana onitra, fampitsaharana vonjimaika ny zo mahampikambana, fampiatoana anaty fotoana voafetra, fanesorana tsy ho mpikambana.

Andininy 33 – Fanesorana

Ireo olom-boafidy rehetra amin'ny anaran'ny APM dia esorina tsy ho mpikambana raha toa ka nanitsakitsaka ny sata fototra sy ny fitsipika anatiny, na nanao fahadioana goavana hafa izay manohintohina ny hasin'ny antoko.

Toko 2 : Fizarana andraikitra

Ny taratasin'andraikitr'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ato amin'ny APM dia hita ao amin'ny fitsipika anatiny.

LOHATENY V – NY FIFIDIANANA IVELAN’NY ANTOKO

Toko 1 : Ny fanendrena ireo kandidà APM hiatrika fifidianana eto amin’ny firenena

Andininy 34 – NY SAFIDY ANATINY (PRIMAIRES)

Miroso amin'ny safidy anatiny ny antoko raha toa ka mihoatra ny iray (01) ny kandidà maniry ny hirotsaka ho fidiana amina toerana iray (filoham-pirenena, solombavambahoaka, ben'ny tanàna).

Toko 2 : Tamberin'andraikitra

Andininy 35 – Ireo olom-boafidy rehetra amin'ny anaran'ny APM dia tsy maintsy manao tatitra momba ny asa vitany alohan'ny hahataperan'ny fe-potoana fiasany. Alefa any amin'ny Filan-kevitra nasionaly sy Birao mpanatanteraka foibe io tatitra io.

LOHATENY VI – LOHARANOM-BOLA SY FITANTANAM-BOLA

Toko 1 : Ny loharanom-bola

Andininy 36 – Ireto avy ireo loharanom-bolan’ny antoko:

- saran’ny fidirana (droit d’adhésion);
- latsakemboka isan-taona aloan’ny mpikambana ary ny latsakemboka aloan’ireo olom-boafidy na olom-boatendry APM ho an’ny antoko;
- fanampiana sy famatsiana ara-bola ataon’ny mpikambana na ireo mpitolona vonon-kanampy (olona, vondron’olona, fikambanana, sns);
- vidin’ireo fitaovan’ny antoko ka namidy;
- vola miditra avy amin’ny hetsika samihafa karakarain’ny antoko : ara-koltoraly, ara-javakanto, ara-panatanjahantena, sns;
- ireo loharanom-bola hafa rehetra izay eken’ny lalàna manan-kery.

Toko 2 : Ny fitantanam-bola

Andininy 37 – Ny mpitam-bola nasionaly no tompon’andraikitra voalohany amin’ny fitantanana ny volan’ny antoko.

Andininy 38 – Tsy misy mahazo mandray vola amin’ny anaran’ny APM afa-tsy ny mpitam-bola nasionaly irery ihany.

Andininy 39 – Ny famoaham-bola rehetra dia tsy maintsy nankatoavin’ny Birao foibe. Raha toa ka misy ny hamehana tsy azo anoharana dia ny Filoha nasionaly na ny Sekretera Jeneraly ihany no afaka miresaka mivantana amin’ny mpitam-bola nasionaly. Ny taratasim-bola mivoaka amin’ny anaran’ny antoko dia tsy maintsy misy sonia roa (02) : ny an’ny mpitam-bola nasionaly miampy ny an’ny Sekretera Jeneraly na ny Filoha nasionaly.

Andininy 40 – Amin’ny maha tompon’andraikitra voalohany ny fitantanam-bola azy, ny mpitam-bola nasionalin’ny antoko dia manao tatitra eo anatrehan’ny Birao foibe sy ny Filan-kevitra nasionaly mandritra ny fivoriana ara-potoana, ary koa eo anatrehan’ny kongresy nasionaly.

Andininy 41 – FANAMARINANA NY FITANTANAM-BOLA

Ny vola sy fikirakirana ny volan’ny antoko dia hamarinina isaky ny enim-bolana. Ny mpanamarim-bola (commissaire aux comptes) no manao izany. Tsy maintsy arahana firaiketan-tsoratra ny fanamarinam-bola natao rehetra.

Andininy 42 – FAMATSIAM-BOLAN’IREO SAMPANA APM

- i. Ireo sampana APM eny anivon’ny faritra, distrika, ary kaominina dia mahaleo tena amin’ny lafiny ara-bola. Samy miantoka ny fampandehanan-draharaha any aminy izy ireo ka anisan’izany ny ivon-toerana (siège social). Raha misy kosa ny famatsiam-bola dia afaka maka ny hevity ny Birao foibe ny sampana.
- ii. Adidin’ireo sampana APM ny manadihady tsara ireo loharanom-bola ivelan’ny antoko mba tsy hamatotra ny APM any aoriana.

Andininy 43 – NY TETIBOLA

- i. Ny tetibolan’ny APM dia tapahana isan-taona. Ny Filan-kevitra nasionaly no manatanteraka izany.
- ii. Raha toa ka mbola tsy mipetraka io rafitra io dia ny Birao foibe no manao izany.

LOHATENY VII – FANAVAOZANA NY SATA FOTOTRA SY NY FITSIPHIKA ANATINY

Andininy 44 – NY SATA FOTOTRA

- i. Ny Filan-kevitra nasionaly no afaka mandray fanapahan-kevitra ny amin'ny tokony hikitihana na tsia ny sata fototra, ary **Ny kongresy nasionaly irery ihany** kosa no manapaka amin'ny alalan'ny fifidianana raha toa ka ekeny na tsia ilay volavolam-panitsiana na fanavaozana.
- ii. Ny mpikambana rehetra, tsy an-kanavaka, dia afaka mandefa soso-kevitra fanitsiana na fanavaozana ny sata fototra any amin'ny Birao foibe. Raha toa ka misy izany dia ampidirina amin'ny lahadinika mandritra ny fivoriana arapotoanan'ny Filan-kevitra nasionaly ilay soso-kevitra hanaovana adihevitra.
- iii. Mandra-pahatongan'ny kongresy manaraka dia mbola ny sata fototra teo aloha no manan-kery, na dia efa neken'ny Filan-kevitra nasionaly aza ilay volavolam-panitsiana na fanavaozana.

Andininy 45 – NY FITSIPHIKA ANATINY

- i. Ny mpikambana rehetra, tsy an-kanavaka, dia afaka mandefa soso-kevitra fanitsiana na fanavaozana ny fitsipika anatiny any amin'ny Birao foibe.
- ii. **Ny Birao foibe irery ihany** avy eo no afaka manapaka amin'ny alalan'ny fifidianana ny faneke na tsia ilay soso-kevitra.

LOHATENY VIII – FAHARAVAN’NY ANTOKO

Andininy 46 – Raha mety ho tonga amin’ny faharavana ny antoko, noho ny antony samihafa, dia ny Filan-kevitra nasionaly no mandray ny fanapahan-kevitra ka mampiantso kongresy nasionaly tsy ara-potoana. Ny kongresy nasionaly irery ihany avy eo, amin’ny alalan’ny fididianana, no tompon’ny teny farany.

Andininy 47 – Raha misy ny faharavana, ny fananan’ny antoko rehetra dia ny kongresy no manapaka izay hanaovana azy.

LOHATENY IX – FEPETRA HAFA

Andininy 48 – Raha mbola misy sampana tsy mijoro amin’ny fomba ofisialy kanefa efa ahitana olona mazoto dia ny Birao foibe no miroso amin’ny fanendrena izay ho tompon’andraikitra.

Andininy 49 – Ny fandaniana amin’ny fitetezam-paritra dia dinihina arakaraka ny zavamisy.

Andininy 50 – MIRALENTA

- i. Ny APM dia manome vahana sy mamporisika ny fandraisana andraikitra eto amin’ny firenena ho an’ny mpikambana rehetra, tsy anavahana finoana, saranga, fiaviana, na toe-batana.
- ii. Araka izay azo atao dia ezahina ny hampifandanja ny isan’ny lahy sy ny vavy eo amin’ny fitantanana ny antoko.